# Mianatra bebe kokoa momba ny vavaka

**SAHANASA A**

## Inona avy no antony sasantsasany itiavan' Andriamanitra antsika hivavaka na dia maka fanahy antsika tsy hanao izany aza i Satana?

- Inona avy ireo fomba sasantsasany entin'i Satana hakana fanahy antsika tsy hivavaka?

Iray amin'ireo fomba mety "hampianaran'i Satana [antsika] fa tsy tokony hivavaka [isika]" ny fiezahana mandresy lahatra antsika amin'ilay lainga hoe satria nanota isika, dia tsy mendrika ny hivavaka intsony.

Saintsaino hoe inona avy ireo fitahiana ezahin'i Satana sakanana tsy ho azontsika rehefa manao ireto manaraka ireto ianao:

> Manokàna fotoana handalinana momba ny vavaka. Azonao atao ny mijery ny vavaka ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, zahao ny Gospel Topics, na mitadiava lahateny natao nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany izay miresaka momba ny vavaka. Rehefa mivavaka ianao, dia tadiavo ireo fitahiana avy amin'ny vavaka. Mety ho azonao atao koa ny mieritreritra ireo fitahiana niainanao avy amin'ny vavaka teo amin'ny fiainanao. Mifototra amin'ny fandalinanao sy ny zavatra niainanao, saintsaino ny antony itiavan'ny Ray any An-danitra antsika hivavaka sy ny antony hakan'i Satana fanahy antsika tsy hanao izany.

**SAHANASA B**

## Inona no dikan'ny hoe "mivavaka mandrakariva"?

Hevero ny hanisy marika ny andian-teny hoe "mivavaka mandrakariva, ary tsy kivy" (2 Nefia 32:9).

Vakio ny Almà 34:21, 27 mba hitadiavana hevi-baovao amin'ny mety ho dikan'ny hoe mivavaka mandrakariva.

- Nahoana no fitahiana ny mivavaka "[maraina, antoandro, ary hariva]" (Almà 34:21)?
- Ahoana no ahafahantsika mampitodika ny fontsika any amin' Andriamanitra, na dia amin'ny fotoana tsy ivavahantsika aza?

Ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanome ohatra iray momba ny mety ho dikan'ny hoe mivavaka mandrakariva.



> Maka hevitra amin'ny Ray any An-danitra ao anatin'ny vavaka maraina. . . .
>
> Ao anatin'ny fizotran'iny andro iny dia manao vavaka iray ao am-pontsika isika mba hahazoana fanampiana sy fitarihana. . . .
>
> Amin'ny fiafaran'ny androntsika dia mandohalika indray isika ary manao tatitra amin'ny Raintsika. Mamerina mijery ny zava-nitranga nandritra izany andro izany isika ary maneho fisaorana avy ao am-po noho ireo fitahiana sy fanampiana noraisintsika. Mibebaka isika ary, miaraka amin'ny fanampian'ny Fanahin'ny Tompo, mamantatra ireo fomba ahafahantsika manao sy ho lasa tsaratsara kokoa rahampitso. Noho izany, ny vavaka ataontsika ny hariva dia mifototra amin'ny vavaka maraina sy tohin'ny vavaka maraina. Ary ny vavaka ataontsika amin'ny hariva koa dia fiomanana amin'ny vavaka manan-danja ho atao ny maraina. (David A. Bednar, "Pray Always," *Liahona*, Nov. 2008, 41–42)

Soraty amin'ny alalan'ny teninao manokana izay heverinao fa dikan'ny hoe mivavaka mandrakariva.

SAHANASA D

## Ahoana no hanamasinan'ny Ray any An-danitra ireo ezaka ataontsika mba hitondra fiadanana na tombontsoa ho an'ny fanahintsika?

Nanome toromarika i Nefia hoe: "hivavaka amin'ny Ray amin'ny anaran'i Kristy [ianareo] mba hanamasinany ny asanareo ho anareo, mba hitondra fiadanana ho an'ny fanahinareo [izany]" (2 Nefia 32:9). Ny hoe *manamasina* dia midika hoe manao ho masina na manokana.

Mieritrereta ohatra iray farafahakeliny izay nitahian'ny Ray any An-danitra ny olona iray rehefa nivavaka sy niezaka nanao ny zavatra nilain'ny Ray any An-danitra izy. Mety ho zavatra niainan'ny tena manokana izany, ohatra iray amin'izao andro maoderina izao, na azonao atao ny mitady tantara iray ao amin'ny soratra masina (ampiasao ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina mba hijerena ohatra iray raha ilaina).

Soraty ilay ohatra sy ny zavatra nampianarin'izany anao momba ny fomba hitahian'ny Ray any An-danitra ireo ezaka ataonao hanatanterahana ny sitrapony rehefa mivavaka isika.

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD60013873_654_135-teacher_handout-1